



Security Council

Distr.: General
19 Jona 2008

Fanapahan-kevitra laharana 1820 (2008)

Noraisin'ny Filan-kevitra ny Fiarovana nandritra ny fivoriany faha-5916, ny 19 Jona 2008

Ny Filan-kevitra ny Fiarovana,

Manamafy indray ny fahavononany hampihatra tsy an-kiato sy iray manontolo ny fanapahan-kevitra laharana faha-1325 (2000), faha-1612 (2005) ary faha-1674 (2006) ary mahatsiaro ireo Fanambarana nataon'ny Filohany ny 31 Oktobra 2001 (Filan-kevitra ny Fiarovana/PRST/2001/31), ny 31 Oktobra 2002 (Filan-kevitra ny Fiarovana/PRST/2002/32), ny 28 Oktobra 2004 (Filan-kevitra ny Fiarovana/PRST/2004/40), ny 27 Oktobra 2005 (Filan-kevitra ny Fiarovana/PRST/2005/52), ny 8 Novambra 2006 (Filan-kevitra ny Fiarovana/PRST/2006/42), ny 7 Martsa 2007 (Filan-kevitra ny Fiarovana/PRST/2007/5), ary ny 24 Oktobra 2007 (Filan-kevitra ny Fiarovana/PRST/2007/40);

Manaraka ireo tanjona sy foto-kevitra voarakitra ao amin'ny Satan'ny Firenena Mikambana,

Manamafy hatrany koa ny fahavononana nambara tao amin'ny Antontan-taratasy Navoitran'ny Fivoriana an-tampony Maneran-tany tamin'ny taona 2005 hamongotra ireo endrika herisetra rehetra mihatra amin'ny vehivavy sy ny ankizivavy, ka anisan'ny fomba hanatrarana izany ny fampitsaharana ny tsimatimanota sy ny fiahiana ny fiarovana ny mponina sivily, indrindra ny vehivavy sy ny ankizivavy, mandritra sy aorian'ny disadisa mitam-piadiana, ho fampiharana ny andraikitra neken'ireo Firenena Mpikambana araka ny voalazan'ny lalàna iraisam-pirenena momba ny fiahiana ny maha-olombelona sy ny lalàna iraisam-pirenena momba ny zon'olombelona;

Tsy manadinoireo fampanantenana voarakitra ao amin'ny Fanambarana tany Pékin sy ny Sehatra ho Famitana Asa (A/52/231) ary ireo voarakitra ao amin'ireo antontan-taratasy novokarin'ny Fivoriana Manokana faha-telo amby roapolon'ny Fivoriam-ben'ny Firenena Mikambana, nitondra ny lohateny hoe "Vehivavin'ny taona 2000: fitovian'ny lahy sy ny vavy, fandrosoana ary fitoviana ho an'ny taonjato faha-iraka amby roapolo" (A/S-23/10/Rev.1), indrindra ireo mahakasika ny herisetra ara-piraisana ara-nofo sy ny vehivavy mandritra ny disadisa mitam-piadiana;

Manamafy hatrany ireo fepetra nekena fa harahan'ireo Firenena Nanao Sonia ny Fifanekena momba ny Famongorana ireo Endrika rehetra Isehoan'ny Fanavakavahana ny Vehivavy sy ilay Fifanarahana Fanampiny azo ampiharina mifanaraka aminy; ny Fifanekena momba ny Zon'ny Ankizy sy ireo Fifanarahana Fanampiny azo ampiharina mifanaraka aminy; ary *manaitra* ireo firenena mbola tsy nandany tao aminy na nanao sonia ireo fifanekena ireo mba hanatontosa izany;

Manamarika fa ny mponina sivily no maro an'isa indrindra amin'ireo mizaka ny voka-dratsin'ny disadisa mitam-piadiana; fa ny vehivavy sy ny ankizivavy no voakendry manokana amin'ny fampiasana ny herisetra ara-piraisana ara-nofy, anisan'izany ny fampiasana io tetik'ady io hanalana baraka, hanjakazakana, hampitahorana, hampitsoahana sy/na hanerena hifindra monina ny mpikambana sivily ao amin'ny fiaraha-monina na foko iray manokana; fa indraindray ny herisetra ara-piraisana ara-nofy tahaka izany dia mitohy hatrany na dia efa nitsahatra aza ny fifampihantsiana;

Tsy manadino ny efa nanamelohany tamin'ny fomba hentitra indrindra ny herisetra ara-piraisana ara-nofy sy amin'ny endrika hafa rehetra mianjady amin'ny mponina sivily mandritra ny disadisa mitam-piadiana, indrindra ireo mihatra amin'ny vehivavy sy ny ankizy;

Manamafy indray ny ahiahiny lalina hoe, na dia naverimberiny nomelohina aza ny herisetra atao amin'ny vehivavy sy ny ankizy mandritra ny disadisa mitam-piadiana, anisan'izany ny herisetra ara-piraisana ara-nofy mandritra ny disadisa mitam-piadiana, ary na eo aza ny antso nataony tamin'ireo mpifanandrina mitam-piadiana mba hampitsahatra avy hatrany ny herisetra toa izany; dia mbola mitranga hatrany izany herisetra izany, ary indraindray aza dia lasa fanao mahazatra sy manerana ny faritra maro, ka midika habibiana mampivarahontsana;

Tsy manadinony efa nampidirana ny karazana herisetra maro ara-piraisana ara-nofy ho anisan'ireo heloka voatanisa ao amin'ny Sata natao Sonia tany Roma ho an'ny Fitsarana Ady Heloka Iraisam-pirenena, sy ireo satan'ireo fitsarana ady heloka iraisam-pirenena mety hajoro ho an'ny tranga iray manokana;

Manamafy indray ny andraikitra goavan'ny vehivavy eo amin'ny fisorohana sy fandravonana disadisa sy fanamafisana orina ny fandriam-pahalemana kosa, ary *manindry* ny maha-zava-dehibe ny hananan'izy ireo fandraisana anjara mitovy amin'ny rehetra sy amin'ny fomba feno tanteraka amin'izay ezaka rehetra hitandroana sy hanabeazam-boho ny fandriam-pahalemana sy ny fiarovana, ary ny tokony hampivelarana ny andraikitr'izy ireo eo amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra momba ny fisorohana sy fandravonana disadisa;

Manahy mafy ihany koa momba ireo sakana sy fanamby tsy mety afaka amin'ny fandraisana anjara feno sy tanteraky ny vehivavy eo amin'ny fisorohana sy fandravonana disadisa vokatry ny herisetra, fandrahonana sy fanavakavahana, izay mikiky ny fahafahan'ny vehivavy sy ny fiheverana azy ireo ho tokony handray anjara eo amin'ny fiainan'ny fiaraha-monina aorian'ny disadisa, ary manaiky fa misy fiantraikany ratsy izany eo amin'ny faharetan'ny fandriam-pahalemana, fiarovana ary fampihavanana, anisan'izany ny vanim-potoana fanamafisana orina indray ny fandriam-pahalemana aorian'ny disadisa,

Manaiky fa ny Firenena tsirairay no tompon'antoka voalohany amin'ny fanajana sy fitandroana ny zon'olombelona ho an'ny mponina ao aminy, ary mifampizara amin'izany andraikitra izany koa ny olom-pirenena tsirairay ao amin'ny taniny, araka ny voalazan'ny lalàna iraisam-pirenena mifanaraka amin'izany,

Manamafy indray fa ny mpifanandrina amin'ny disadisa mitam-piadiana no tompon'andraikitra voalohany amin'ny fandraisana ny fepetra rehetra azo atao hiantohana ny fiarovana ny mponina sivily ianjadian'izany,

Faly mahita ny fandrindrana mitohy ny ezaka ao anivon'ny rafitry ny Firenena Mikambana, ka miavaka indrindra amin'izany ny hetsika iraisan'ny birao isan-karazany, antsoina hoe "Hetsiky ny Firenena Mikambana hanoherana ny Herisetra ara-piraisana ara-nofo mandritra ny Disadisa," natao hanairana ny sain'ny besinimaro mikasika ny herisetra ara-piraisana ara-nofo mandritra ny disadisa mitam-piadiana sy aorian'ny disadisa ary, hikendrena ny hamongorana izany mihitsy any aoriana,

1. *Manindry fa* ny herisetra ara-piraisana ara-nofo, rehefa atao na asaina atao ho paik'ady natao hikendrena mponina sivily na ao anatin'ny fanafihana tsy an-kanavaka na manerana ny faritra maro atao amin'ny mponina sivily, dia mety hanaratsy tanteraka ny zava-misy eo amin'ny tranga ahitana disadisa mitam-piadiana ary mety hisakana ny famerenana ny fandrampahalemana sy fiarovana iraisam-pirenena; *manamafy* arak'izany fa ny fandraisana fepetra mahomby hisorohana sy hiatrehana ny tranga maneho herisetra ara-piraisana ara-nofo dia mety hanampy betsaka amin'ny fitandroana ny fandrampahalemana sy ny fiarovana iraisam-pirenena; ary *manambara ny fahavononany*, rehefa mandinika tranga toa izany mandritra ny fivorian'ny Filan-kevitra, handray ny fepetra ilaina, rehefa ilaina izany, hiatrehana ny herisetra ara-piraisana ara-nofo atao amin'ny faritra maro na amin'ny fomba tsy an-kanavaka;

2. *Mitaky* ny mpifanandrina amin'ny disadisa mitam-piadiana hampitsahatra tanteraka sy tsy misy hatak'andro ny tranga rehetra midika herisetra ara-piraisana ara-nofo mianjady amin'ny mponina sivily, ary hampihatra izany fanapahan-kevitra izany avy hatrany;

3. *Mitaky* ny mpifanandrina rehetra amin'ny disadisa mitam-piadiana handray tsy misy hatak'andro ny fepetra ilaina rehetra hiarovana ny mponina sivily, anisan'izany ny vehivavy sy ny ankizivavy, amin'ny endrika rehetra isehoan'ny herisetra ara-piraisana ara-nofo, ka mety ho anisan'izay, ankoatry ny fepetra hafa, ny fampiharana ny sazy ara-miaramila mifanandrify amin'izany sy ny fitandroana ny fitsipika momba ny andraikitry ny mpitari-tafika, ny fanofanana ny tafika eo amin'ny fandrarana tsy misy azo ialàna ireo endrika rehetra isehoan'ny herisetra ara-piraisana ara-nofo ampiharina amin'ny mponina sivily, famakiana bantsilana ireo anganongano mampirisika ny herisetra ara-piraisana ara-nofo, fanomezana baiko ny mpitandro filaminana sy ny tafika hanamarina izay tranga nahitana fanolanana sy endrika hafa isehoan'ny herisetra ara-piraisana ara-nofo, ary ny famindran-toerana haingana izay vehivavy sy ankizy tandindomin'ny herisetra ara-piraisana ara-nofo ho fiarovana azy; ary *miangavy* ny Sekretera Jeneraly, rehefa ilaina, hampirisika ny fifanakalozana iresahana ity olana ity any anatin'izay resaka mivelatra kokoa natao handravonana disadisa eo amin'ny tompon'andraikitra mahefa ato amin'ny Firenena Mikambana sy izay mpifanandrina amin'ny disadisa, ka ijerena, ankoatry ny singa hafa, ny hevitr'ireo vehivavy monina any amin'ireo tanàna tsirairay nianjadian'ny herisetra;

4. *Manamarika fa* ny fanolanana sy ny endrika hafa isehoan'ny herisetra ara-piraisana ara-nofy dia azo sokajiana ho heloka bevava mandritra ny ady, heloka bevava amin'ny maha-olombelona, na tranga melohin'ny lalàna mandrara ny fandripahana olona, *manindry fa ilaina ny manila* ny heloka amin'ny herisetra ara-piraisana ara-nofy tsy ho anisan'ny mety hahazoana famotsoran-keloka eo am-pandraisana fanapahan-kevitra ho fandravonana disadisa iray, ary *miantso* ny Firenena Mpikambana handray ny andraikitra tandrify azy amin'ny fanenjehana izay nahavita heloka toa izany, mba hiantohana fa izay rehetra niharan'ny herisetra ara-piraisana ara-nofy, indrindra ny vehivavy sy ny ankizivavy, dia hahazo fiarovana mitovy manoloana ny lalàna sy ho voaaro zo manoloana ny fitsarana, ary *manindry* ny maha-zava-dehibe ny fampitsaharana ny tsimatimanota ho an'ny heloka toa izany ao antin'ny lamina mivelatra ikatsahana fandriam-pahalemana maharitra, rariny, fahamarinana ary fampihavanana eo amin'ny firenena;

5. *Manamafy ny fikasany*, eo am-pametrahana sy fanavaozana ireo fepetra mikasika ny sazy ho an'ny firenena iray manokana, hijery raha tena mifanaraka amin'izay ilaina ny fepetra ikendrena tompo'andraikitra manokana, samy araka ny sokajin'ny heloka vitany, any anivon'ireo mpandray anjara amin'ny disadisa mitam-piadiana ka meloka tamin'ny fanolanana sy endrika hafa isehoan'ny herisetra ara-piraisana ara-nofy tamin'ny vehivavy sy ankizivavy mandritra ny disadisa mitam-piadiana;

6. *Miangavy* ny Sekretera Jeneraly, rehefa nidinika tamin'ny Filan-kevitra ny Fiarovana, ny Komity Manokana ho an'ny Lamina Fitandroana ny Fandriam-pahalemana sy ny Vondron'asa ao anatiny ary ireo Firenena voakasika, araka ny ilaina, handrafitra sy hampihatra ny lamina fanofanana ilaina ho an'ny tompo'andraikitra rehetra amin'ny fitandroana ny fandriam-pahalemana sy ny fiahiana ny maha-olombelona irahin'ny Firenena Mikambana hamita iraka araka ny baikon'ny Filan-kevitra, mba hanampy azy ireo hahomby kokoa amin'ny fisorohana, famantarana ary fiatrehana tranga ahitana herisetra ara-piraisana ara-nofy sy ireo endrika hafa isehoan'ny herisetra mianjady amin'ny mponina sivily;

7. *Miangavy* ny Sekretera Jeneraly hanohy sy hanamafy ny ezaka ho fampiharana ny politikan'ny tsy fisian'ny fandeferana manoloana ny fanararaotana sy fanambakana ara-piraisana ara-nofy mandritra ny hetsika ataon'ny Firenena Mikambana ho fitandroana ny fandriam-pahalemana; ary *manainga* ny firenena maniraka tafika sy polisy handray izay fepetra fisorohana rehetra ilaina, anisan'izany ny fanofanana sy fampahafantarana mialoha ny fanirahana hamita iraka, sy ny fepetra hafa natao hahazoana antoka fa fantatra tsara avokoa ny tompo'antoka amin'ny heloka rehetra nahatafiditra ny mpiasa avy any aminy;

8. *Mampirisika* firenena maniraka tafika sy polisy, rehefa nifampidinika tamin'ny Sekretera Jeneraly, hijery izay fepetra mety horaisin'izy ireo hanairana bebe kokoa ny sain'ny besinimaro sy ny tompo'andraikitra avy any aminy mba handray anjara amin'ny hetsiky ny Firenena Mikambana ho fitandroana ny fandriam-pahalemana, ho fiarovana ny mponina sivily, anisan'izany ny vehivavy sy ny ankizy, ary hisoroka ny herisetra ara-piraisana ara-nofy mianjady amin'ny vehivavy sy ny ankizivavy mandritra sy aorian'ny disadisa, anisan'izany ny fampitomboana ny isan'ny vehivavy mpitandro ny fandriam-pahalemana na polisy isaky ny afaka manao izany;

9. *Miangavy* ny Sekretera Jeneraly handrafitra torolàlana sy paik'ady mahomby hanatsarana ny fahafahan'ireo tompon'andraikitra irahin'ny Firenena Mikambana hamita iraka ho fitandroana ny fandriam-pahalemana, araka ny fahefana nomena azy, hiaro ny mponina sivily, anisan'izany ny vehivavy sy ny ankizivavy, amin'ny endrika rehetra isehoan'ny herisetra ara-piraisana ara-nofy sy hilaza tsy tapaka ao amin'ny tatitra an-tsoratra alefany any amin'ny Filankevitra mikasika ny disadisa iray, ny zavatra hitany mikasika ny fiarovana ny vehivavy sy ny ankizivavy ary ny tolo-keviny momba izany;

10. *Miangavy* ny Sekretera Jeneraly sy birao voakasika ato amin'ny Firenena Mikambana, amin'ny alàlan'ny fifampidinihana amin'ny vehivavy sy ny fikambanana tarihin'ny vehivavy raha ilaina, handrafitra, ankoatry ny fepetra hafa, lamin'asa mahomby hiantohana fiarovana amin'ny herisetra, anisan'izany indrindra ny herisetra ara-piraisana ara-nofy, mihaatra amin'ny vehivavy sy ny ankizivavy ao anatin'ny manodidina ireo ivon-toerana tantanan'ny Firenena Mikambana handraisana mpialokaloka sy ireo mpitsoa-ponenana ao anatin'ny firenena, torak'izany koa mandritra ireo lamina famotehana fitaovam-piadiana, fandravana tafika, sy famerenana olona any anivon'ny fiaraha-monina; ary any amin'ny ezaka fanavaozana ny tontolon'ny fitsarana sy ny fiarovana tohanan'ny Firenena Mikambana;

11. *Manindry* ny andraikitra manan-danja mety hotanan'ny Komisiona misahana ny fampiroboroboana ny fandriam-pahalemana, anisan'izany ny fanolorany hevitra sy tolo-kevitra ho an'ny paik'ady fampiroboroboana ny fandriam-pahalemana aorian'ny disadisa, rehefa ilaina, ny fomba hiatrehana ny herisetra ara-piraisana ara-nofy nitranga mandritra sy taorian'ny disadisa mitam-piadiana, ary amin'ny fifampidinihana sy fisoloana tena mahomby ny fiaraha-monina sivilin'ny vehivavy any amin'ireo fandaharanasa vokarin'ny ho an'ny isam-pirenena, ao anatin'ny fomba fiasa mivelatra kokoa hisahanana ny olana amin'ny tsy fitovian'ny lehilahy sy ny vehivavy;

12. *Manainga* ny Sekretera Jeneraly sy ireo Iraka Manokany hanasa ny vehivavy handray anjara amin'ireo fifanakalozan-kevitra mahakasika ny fisorohana sy fandravonana disadisa, ny fitandroana ny fandriam-pahalemana sy ny fiarovana, ary ny fampiroboroboana ny fandriam-pahalemana aorian'ny disadisa, ary mampirisika ny mpifanandrina rehetra handray anjara amin'ny fifanakalozana toa izany hanamorana ny fandraisana anjara mitovy sy tanteraka ny vehivavy eo amin'ny sehatra fandraisana fanapahan-kevitra;

13. *Manainga* ny mpifanandrina rehetra voakasika, anisan'izany ireo Firenena Mpikambana, ireo birao sy sampan'asa ara-bola any amin'ny Firenena Mikambana, hanohana ny fandrafetana sy fanamafisana orina ny fahaiza-manaon'ireo birao narionaly, indrindra ireo eo amin'ny sehatry ny fitsarana sy ny fahasalamana, ary ireo any anatin'ny tamba-jotran'ny fiaraha-monina sivily mba ho fanampiana maharitra ireo niharan'ny herisetra ara-piraisana ara-nofy mandritra sy aorian'ny ny disadisa mitam-piadiana;

14. *Manainga* izay sampan'asa isam-paritra na isaky ny fizarazarana isam-paritra hijery manokana ny fandrafetana sy fampiharana politika, lahasa sy hetsika fanairana ho tombontsoan'ny vehivavy sy ny ankizivavy mizaka ny vokatra ny herisetra ara-piraisana ara-nofy mandritra ny disadisa mitam-piadiana;

15. *Miangavy ihany koa* ny Sekretera Jeneraly handefa tatitra any amin'ny Filan-kevitra alohan'ny 30 Jona 2009 momba ny fampiharana izao fanapahan-kevitra izao ao anatin'ireo tranga efa voalahatra hodinihan'ny Filan-kevitra, ka hampiasa izay antontam-baovao azo avy amin'ireo loharano any amin'ny Firenena Mikambana, anisan'izany ny ekipa isaky ny firenena, ny lamina ho fitandroana ny fandriam-pahalemana, sy ireo tompon'andraikitra hafa ato amin'ny Firenena Mikambana, izay mety hahitana, ankoatry ny loharano hafa, antontam-baovao mikasika disadisa mitam-piadiana nahitana fampiasana ny herisetra ara-piraisana ara-nofy tany amin'ny faritra maro na matetika tamin'ny mponina sivily; ny fandalinana ny habetsaka sy fironan'ireo nahavita herisetra ara-piraisana ara-nofy nandritra ny disadisa mitam-piadiana; soso-kevitra ho an'ny paik'ady hanalavirana ny loza mitatao amin'ny vehivavy sy ny ankizivavy amin'ny herisetra toa izany; tomban'ezaka ho an'ny fandrosoana eo amin'ny fisorohana sy famahana ny olana nateraky ny herisetra ara-piraisana ara-nofy; ny tolo-kevitra ilaina avy amin'ireo mpiara-miombon'antoka amin'ny Firenena Mikambana eo amin'ny fampiharana isaky ny toerana amitana iraka; antontam-baovao mikasika ny fomba heveriny hanamorana ny fanangonana antontam-baovao ara-potoana, amin'ny fomba fijery tsy miangatra, marina ary azao itokiana momba ny fampiasana herisetra ara-piraisana ara-nofy mandritra ny disadisa mitam-piadiana, anisan'izany ny fanatsarana ny fandrindrana ireo lahasa tontosain'ny Firenena Mikambana any amin'ny toerana amitana iraka sy aty amin'ny Birao Foibe; sy ny antontam-baovao momba ny fepetra noraisin'ireo mpifanandrina amin'ny disadisa mitam-piadiana ho fandraisana ny andraikitra tandrify azy araka ny voalaza ato amin'ity fanapahan-kevitra ity, indrindra amin'ny alàlan'ny fampitsaharana tanteraka sy tsy misy hatak'andro ny herisetra ara-piraisana ara-nofy rehetra sy amin'ny fandraisana izay fepetra ilaina hiarovana ny vehivavy sy ny ankizivavy amin'ny endrika rehetra isehoan'ny herisetra ara-piraisana ara-nofy;

16. *Manapa-kevitra* hanaraka akaiky ny fivoaran'ny toe-draharaha mikasika ity lohahevitra ity.